# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Novambra 2018

# 22 Alakamisy novambra

**Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao ; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao.**
Ohabolana 3. 5-6

**Izy no miahy anareo.** 1 Petera 5. 7

## Fahatokiana sy fanankinan-tena

Davida, mpiandry ondry kely nandresy an'i Goliata, lehilahy mpiady goavambe nanana ny fitaovam-piadiana sy fiarovana rehetra ? Fantatry ny olona rehetra izany ! Tamin'ny antsamotadiny sy vatokely iray hitany tao amin'ny lohasahandriaka no nandreseny ilay goavambe nampihorohoro andian-tafika iray manontolo.

Fa inona moa no fototra iorenana fandresena toy izany ? Ny finoany sy ny fahatokiany an'Andriamanitra, nokolokoloiny isanandro teo amin'ny fiainana maha mpiandry ondry azy. Nikatsaka fatratra ny sitrapon'Andriamanitra i Davida ary naniry hanao izay ankasitrahiny, ka izany no nanome azy haranitan-tsaina sy fahendrena rehefa hanao zavatra. Ohatra ho antsika izy, amin'ny fahatokiana an'Andriamanitra sy ny fanankinan-tena aminy.

Mifanohitra amin'izany kosa, matetika loatra isika no mitondra tena toy ny hoe mahaleo tena, toy ny hoe mahay mitantana samirery ny fiainantsika ! Iza anefa no afaka mihevitra fa hahatohitra ny fanindrian'ny ratsy manafika antsika ? Aiza no hahitana ny hery, ny fahendrena, ny fiadanana ao anatin'ny zava-tsarotra, raha tsy ao amin'Andriamanitra ?

Zavatra roa loha no tsy azo avela : ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra, mba hiankinana amin'ny Tompo ; ary ny vavaka, mba hametrahana aminy ny rehetra momba antsika. Raha miaina toy izany eo anilany isika, dia ho zatra manankina aminy ny fiainantsika manontolo, ireo safidintsika, ireo ady anaty, ny zavatra rehetra manahirana ny saintsika, ary ho zatra miandry ny fanafahany. Tsy vitan'ny hoe namonjy antsika tamin'ny fahafatesana mandrakizay fotsiny ny Tompo Jesosy, fa te handray antanana mihitsy ny fiainantsika manontolo. Samy asehony ho hitantsika ny lalana tsara, na eo amin'ireo safidy lehibe indrindra tokony hatao eo amin'ny fiainana, na eo amin'ireo safidy faran' izay madinika. Tsy midika ho tsy firaharahana na hoe fahamalinana tsy akory ny fiankinana tanteraka amin'ny fikarakaran'ny Tompo sy amin'ny toetrany tsy miovaova, fa fanekena ny fahendreny lehibe tsy misy fetra sy ny herin'ny fitiavany antsika.